FIDIO HO BEN'NY TANANAN'ANTANANARIVO

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alarobia 13 novambra 2019 Laharana 979 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Fitantanana tanàna 2

Navoakan'ny fitondrana ihany ireo dabam-pako fa propagandy

Polisy nanenjika jiolahy 3

Rina N°2 Antananarivo 2

Nijininika ny rà tetsy Analakely

Programa mitombina fa tsy misavoana sy mampanonofinofy

BORIBORITANY FAHA-5 (CUA) 7

Nahazo lalankely vita rarivato 200 m ny eny Soavimasoandro

Haja Boum Ambohimangakely N°1 2

Manana tetikasa miantraika amin'ny vahoaka

Daka kely

Fikan-jazakely ilay dabam-pako alain-drony ry Boaikely a!

Fiarahamonim-pirenena 2

Nahazo tohana avy amin'ny tahiry Frantsay PISCCA

RINA N°2 ANTANANARIVO

Programa mitombina fa tsy misavoana sy mampanonofinofy

Fokontany maromaro tao amin'ny boriboritany faha-2 sy faha-3 indray, no nanaovan'ny kandidà ben'ny tanàna avy amin'ny Tiako i Madagasikara (TIM) eto Antananarivo Renivohitra Rina N°2 fampielezan-kevitra omaly sy afak' omaly.

Nihaona tamin'ny mponina teny amin' ny faritra Ambohitrakely, Avaradoha, Besarety ao anatin'ny boriboritany faha III indray ny kandidà Rina RANDRIAMASINORO sy ny kandidà mpanolotsaina TIM omaly. Nafana aoka izany no nandraisan'ny olona azy teny an-toerana. Maro tsy tambo isany ireo olana mampijaly ny mponina ao amin'ny boriboritany faha III, toy ny lalankely, ny tatatra tsentsina, ny fanasan-damba sns... Mamaly ireo olana tena mianjady amin'ny mponina ny fandaharanasako hoy Rina nifampitafa tamin'izy ireo, fa tsy tetikasa misavoamboana sy mampanonofy. Tsy ambaka amin'izany ihany koa fa dia nifanotofan'ny olona i Rina nandritra ny fandalovany teny amin'ny faritra Ambohitsoa, Ankazolava Ambohibary, Ampamantanana ary Androndra teny amin' ny boriboritany faha-2 afak'omaly. Ny olan'ny fitobahan'ny fako eny amin' ny dabam-pako, ny fahatapahan'ny jiro ary ny tsy fisian'ny rano, ireo no fitarainana nampitan'ny mponina tamin'i Rina teny an-toerana. Tsy hiandrasana fanjakana intsony ireo olana mbola azo vahana hoy i Rina, fa efa misy ireo paikady matotra hiatrehana izany. Mbola nanome toky ny mponin'ny boriboritany faha 2 ny filohan'ny TIM Marc RAVALOMANANA, fa olona azo antoka i Rina ary mahavita mamaha ny olana mianjady, amin'ny alalan'ny fandaharanasa harosony. Mametraka ny fitokisana amin'ny Kandida ho ben'ny tanàna laharana faha-2, Rina RANDRIAMASINORO ny mponina eto andrenivohitra, mila manova fijery isika, tsy ho voasanda vola na zavatra mandritry ny fampielezankevitra fa hijoro amin'ny tena safidy, havitrika amin'ny fandehanana mifidy ary hifanome tanana amin'ny fiarovana ny safidy hoy ny kandidà Rina tamin'ireo olona maro nihaino azy. Anisan'ny fandaharan'asan'i Rina rehefa lany ben'ny tanàna soa aman-tsara izy ny fanazàvana ny tanàna sy ny elakelan-trano, ny fanangànana bassin-lavoir na toeram-panasan-damba sy toeram-pidiovana.

Isambilo

Kandida Haja Boum Ambohimangakely N°1

Manana tetikasa miantraika mivantana amin'ny fiainam-bahoaka

Miavaka amin'ireo kandida ben'ny tanàna ao amin'ny kaominina Ambohimangakely Antananarivo Avaradrano, ny kandida HAJA BOUM N°1, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Avy amin'ny antoko manana vina matotra sy manana traikefa ity kandida ity, ka tsy sarotra aminy ny hanatanteraka asa hampandrosoana ny kaominina Ambimangakely distrikan' Avaradrano. Maro ny programan'asan'i Haja BOUM rehefa tonga eo amin'ny toeran'ny ben'ny tanàna ny tenany , ary miavaka satria tetik'asa miantraika mivantana amin'ny fiainam-bahoaka .

1- Rano fisotro madio ho an'ny rehetra (lava-drano) 2- Fahasalamana sy ny fahadiovan'ny tanàna (fanalana ny FAKO ho fitsinjovana ny Fahasalamana sy ny fahadiovan'ny Tanàna 3- Fandriampahalemana fiarahana- miombon' antoka Vahoaka - Kaominina (polisy kaominaly) - Zandary 4- Fandrindrana ny fitateram-bahoaka. Fametrahana mazava ny toeram-piantsonana, marquage au sol, panneau... (fiaraha-miasa amin'ireo kaoperativa miasa eo amin'ny Kaominina Ambohimangakely) 5- Tanora sy fanantanjahantena . Fandraisana andraikitry ny Kaominina amin'ny fikarakarana ny lalao eo amin'ny Kaominina Ambohimangakely (baolina kitra, basket-ball, volley, pétanque, ... ho an'ny lehilahy sy ny Vehivavy. 6- Fiompiana sy Fambolena. Ny tanjona dia ny hananan'ny Kaominina "central d'achat" ho fanampiana ireo tantsaha ho fampitaovana sy kojakoja ilainy amin'ny fampandehanana ny asan'izy ireo. 7- Fiaraha-miasa akaiky amin' ireo mpitantana ny Fokontany sy ireo herivelona anatin'ireny Fokontany ireny ho fampandrosoana haingana. 8- Fanatsarana ny fitantanan-draharaha eo anivon'ny Kaominina (informatisation : copie, acte de naissance ....) 9- Fanatsarana ny endriky ny tanàna. Zaridaina rond point by-pass, ... Tokana ny safidy hoy izy ny mpiara-dia aminy, Haja BOUM N°1 sy ny mpanolotsaina miaraka aminy N°2 ihany, avy amin'ny antoko TIM, no safidy eny amin' ny kaominina A m b o h i - mangakely .

Helisoa

Fiarahamonim-pirenena

Nahazo tohana avy amin'ny tahiry Frantsay PISCCA

Natao omaly ny lanonam-panokafana an'ireo tetikasa nahazo valisoa avy amin'ny ny Tahirim-bola frantsay ho fanohanana ny fiarahamonim-pirenena "Tetikasa fanavaozana momba fiarahamonim-pirenena ary ny Fifarimbonan'ny Mpisehatra " (PISCCA).

Izany dia natao tao amin' ny Ivotoerana frantsay eto Madagasikara (IFM). Niatrika izany Andriamatoa Frédéric JOUREAU, Mpanolotsaina voalohany ny Ambasady frantsay eto Madagasikara ; Andriamatoa Patrick PEREZ, Mpanolotsaina ny fiaraha-miasa sy hetsika ara-kolontsaina ; ny mpikambana ofisialy ao amin'ny komity mpifantina ny Tahirim-bolan'ny fiarahamonim-pirenena PISCCA, ary koa ireo fikambanana 20 ny fiarahamonim-pirenena izay nahazo valisoa.

Ny Tahirim-bola frantsay « Tetikasa fanavaozana ary Fifarimbonan'ny Mpisehatra (PISCCA) dia ahafahana manohana ny tetikasan'ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena entina miady amin'ny fahantrana, hanamafisana ny fisitrihana ny zo fototry ny vahoaka marefo ary koa hanatsarana ny fitantanana demokratika eo amin'ny sehatra eto antoerana.

Tamin'ny 11 septambra 2019, tetikasa 20 avy amin'ny faritra 10 mahery eto Madagasikara no voafidy hahazo famatsiambola PISCCA, momba ireo lohahevitra samihafa toy ny fitantanana, ny zon'olombelona, ny fampidirana ara-tsosialy sy ekonomika, ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fizahantany maharitra, ny fanabeazana ary ny fiofanana arak'asa. Mikendry ny tanora sy ny fampiroboroboan'ny miralenta ireo lohahevitra ireo, izay laharam-pahamehana ho an' ny Tahirim-bola PISCCA.

Omaly maraina io, ny solontenan'ireo fikambanana 20 nahazo valisoa dia notolorana mari-pankasitrahana manamarina ny fananganana rahatrizay ny tetikasa.

Ity drafitra ity dia singa iray manan-danja eo amin' ny fiaraha-miasa frantsay -Malagasy satria ahafahana manohana ny fiarahamonim-pirenena malagasy amina tetikasa mampitombo izay mahasoa mivantana ny mponina. Mpandimby ny Tahirim-bola sosialy ho an'ny fampandrosoana izay niasa teo anelanelan'ny taona 1996 sy 2015 ny PISCCA ary, ny andiany voalohany an'ny PISCCA dia natomboka tamin'ny taona 2016. Amin'izao fotoana ahafahan'ny tetikasa voafantina hiasa ho an'ny andiany 2018-2020 izao, manamafy ny teny nomeny ny ambasady frantsay eto Madagasikara amin'ny fiarahamonim-pirenena izay manan-karena fikambanana marobe , ka ny asany dia mametraka tombontsanda tsy azo lavina ho an'ny fampidirana ara-tsosialy sy ara-ekonimika ; ho an'ny fahazoana fanabeazana, ary koa fahasalamana sy rano ary ny zo fototra ihany koa ho an'ny olona marefo indrindra. Fa ankoatr'izay, ireo fikambanana ireo dia manana andraikitra lehibe amin'ny fanentanana ny rehetra handray anjara amin'ny famaritana sy ny fanatanterahana ny politikam-bahoaka eto an-toerana sy ara-nasionaly. Ireo fikambanana ireo dia mamela, raha fintinina , ny fisian'ny fitantanana demokratika bebe kokoa.

Ny taham-bola ankapobeny amin'ny tetikasa ho an'ny vanim-potoana 2018-2020 dia 400.000 euros, izay vatsian'ny Ambasady frantsay eto Madagasikara vola.

Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Politika sy fampielezan-kevitra

Aoka tsy ho voafitaka amin'ny fandaharan'asa tsy mitombina

Ho tandindonin'ny fanotofana tany hatrany Antananarivo renivohitra hanorenan-javatra amin'ny tetikasa tefy maika. Nambaran'ny kandidàn'ny IRD na IRK, fa fandaharan'asany ny hanorina trano vaovao ho toeram-ponenana 500 isan-taona. Nanaitra ny sain'ny maro izany, ka nampametra-panontaniana hoe : aiza ny hanorenana izany indray? Tany aiza no hototofana sa eny amin'ny faritra iva no hanamparana izany? Ankoatra ny trano fonenana dia eo ihany koa ny trano fidiovana na WC. Aiza ihany koa ireo toerana hanorenaa izany ary avy aiza ny vola fampandehanana azy satria nambara fa ho maimaimpoana ny fidirana amin'izy ireo? Miharihary fa be famaritra toy ny rambon'osy fotsiny ny vinan'asa fampanantenana omeny ny mponina ao anatin'izao fotoanan'ny fampielezan-kevitra izao, ary fampanonofisaana fotsiny sy programa misavoana.

Mazava anefa ny vinan'asa ataon'ny kandidà Rina RANDRIAMASINORO, dia azo tanterahina tsara, fa tsy fampanonofisaana vahoaka. Azo atao tsara ny asa ary mahakasika tanteraka ny fiainam-bahoaka andavanandro tanteraka sy mahasoa azy. Mila mahay manavaka ny fampielezan-kevitra poak'aty sy fandaharan'asa tsy ho tanteraka sy ny fandaharan'asa mitombina toy ny an'i Rina N°2 ny mpifidy amin'ny alarobia 27 novambra ho avy izao io. Tsy hadino koa ny handrotsaka ny biletà-n'ireo mpanolotsaina miaraka aminy, avy amin'ny antoko TIM amin'io fotoam-pifidianana io, mila mahazo ny maro an'isa i Rina sy ny mpanolotsaina ao amin'ny Filankevitry ny tanàna fa raha tsy izany dia ho sahirana izy ireo amin'ny fantanterahana ny asa raha tsy hahazo izay maro an'isa izay.

Sôh'son

Fitantanana tanàna

Navoakan'ny fitondrana ihany ireo dabam-pako fa propagandy

Efa ela ihany izay no nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana, fa misy dabam-pako vaovao tonga eto, tokony handraofan'ny SAMVA ny fako ho eny Andralanitra, izay asa iandraiketan'ity sampan-draharaha eo ambany fiadidian'ny Ministeran'ny Rano saingy tsy nisy valiny. Nambaran'ireo seraseran'ny fanjakana mihitsy tamin'izany fa rediredy sy fanelezana tsaho izany fanambarana izany. Nokobokoboin'ny rariny ny fitondrana Rajoelina ankehitriny, ka voatery namoaka ihany , dia ireny hitam-poko hitam-pirenena ireny, toy ny tany Morondava, ohatra. Nahoana no tsy napoitra izy ireny rehefa nitaraina ny SAMVA teto Antananarivo, fa tsy ampy ny dabam-pako sy ny fiara itaterana fako eto andrenivohitra nandritra ny fotoana nampivangongo ny fako teny rehetra teny? Valiny, amin'izay dia atolaka amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra fa maloto ny tanàna ary tsy manao ny asany ny Ben'ny tanàna. Izao anefa dia navoaka ihany ireo dabam-pako ireo satria anaovana propagandy, hita fa fikan-jaza araka ny fitenin-jatovo no ataon'ny fitondrana Rajoelina, ilay filoha koa moa mbola tsy mikatona ny loha-maleminy.

Rajaonarimpanontsana

Ny Valosoa sy hadihady

Olan'ny jiro sy rano: misy fiantraikany ara-ekonomika, ara-tsosialy ary ara-tsaina

Tsy mbola misy mandeha amin'izay laoniny aloha ny fiainam-pirenena sy ny fiainam-bahoaka eo amin'ny sehatra rehetra, na dia dradraina etsy sy eroa aza, fa miroso araka ny niheveran'ny mpitondra azy ny velirano.

Andro vitsivitsy izao no nanesorana teo amin'ny toerany ny minisitry ny angôvo sy ny rano ary ny akoran'afo. Nanaraka koa ny tale jeneralin'ny orinasam-bahoaka Jirama; izao no tonga amin'ilay fitenenana hoe: "ny an-tratra tsy lavo, ny eo misosoka ihany" (le malheur n'arrive jamais seul). Raha ny fahitana azy dia manao kitsapatsapa fotsiny izao fitondrana izao fa tsy misy fahamatorana sy fandinihana lalina eo amin'ny fanapahankevitra ka « tsapatsapa vodin'akoho, ka rehefa tsy tay dia atody ». Ny resaka famatsian-drano ny mponina, tsy eto an-drenivohitra ihany, no heverina fa nahavoadaka ireo tomponandraikitra roa voalaza etsy ambony ireo. Tsy ny olona anefa no olana raha ny fandinihana azy fa eo ny olana ara-tekinika, ara-pitaovana ary ara-toetrandro. Angamba eo koa ny fitombon'ny mponina, ka tsy maharaka intsony ny rano mitoby ao anatin'ireo siniben-drano noho ny tsy fahampian'ireo milina manosika rano (surpresseurs). Mandeha amin'ny solika koa anefa izy ireny ka ny trosan'ny Jirama mitentina an'arivo tapitrisa ariary maro aza tsy mbola voaefan'ny mpitondra. Mety ho hevitra tsara ny fanafarana ny fanafarana solika tsy voadio kanefa raha ny fahafantarana azy dia tsy mandeha am-polotaona maro ny « raffinerie » ao Toamasina. Ka aiza indray no hanadiovana izay solika tsy voadio, sa hanangana vaovao indray? Zary lasa ravaky ny paompim-pokonolona ny "bidons jaunes" kanefa dia vidiny lafo ny rano eran'ny iray amin'izy ireny. Araka izany dia mitombo izay tsy izy ny fandanian'ny fianakaviana miampy ireo kojakoaja ilaina andavanandro, izay efa mampikaikaika ny valala tsy mandady harona. Mbola tsy voavaha ity olana ara-drano ity dia misosoka indray tato ho ato ny fahatapahan'ny herinaratra izay maharitra ora maro. Mazava ho azy fa misy fiantraikany eo amin'ny tetibolan'ny fianakaviana izany satria tsy maintsy mividy labozia hanazavana ny ao antrano, indrindra fa efa miditra ny mpianatra izay mila hazavàna hanaovana ny enti-mody. Tsy ho an'ny ankizy ihany anefa fa ho an'ireo mpivarotra mampiasa vata fampangatsiahana ihany koa. Misy fiantraikany ara-ekonomika, ara-tsosialy sy ara-tsaina (psychologique) araka izany ireo toe-javatra roa ireo. Tsy ny fanesorana tomponandraikitra iray na roa amin'ny toerany no vahaolana fa ny fitadiavana vahaolana ara-teknika. Tsy ny fandavahana lava-drano etsy sy eroa ihany koa satria mbola mila fitaovana maro tsy maintsy tadiavina: ny paompy manosika na misarika rano (pompe immergée na pompe de surface), ny fantsona sy siniben-drano. Azo inoana fa tsy mbola eo am-pelatanana akory ireo fa dia mbola mitohy mampiesona ihany ny mpitondra. Tsara fa efa misy ny "tsena mora" eny amin'ny fokontany, ary mamaha amin'ny ampahany ny olana ara-tsakafo ho an'ny ampahan'ny mponina ihany koa kanefa dia indray mandeha isan-kerinadro ihany no misy famatsiana ary tsy mahavita afa tsy andro iray na roa ny vatsy azo ao. Tsy matotra ary tsy niainga avy amin'ny fanadihadiana lalina ny zava-misy marina eo amin'ny sehatra rehetra ny "velirano", hany ka voatery mikaroka vahaolana maimaika amin'ireo tranga tsy hampoizina ny mpitondra ka mibirioka any amin'ny tsy tokony hizorany sy fahoanifahoany fotsiny ny fitantanana ny Firenena.

Andry Tsiavalona

Pr Harimalala Joseph

Tsy azo ekena ny fanotofana tany sy fivarotana tanindrazana

Mbola resabe ho an'ny mpanara-baovao politika indray ny fanotofana tanimbary ao Ambohitrimanjaka-Antananarivo ao. Ity fanotofana tany ity dia ho fanatanterahana ny veliranon'ny filohampirenena dia ny fivarotana tany hoan'ny vahiny. Raha tsiahivina dia ampahibemaso no nilazan'ny filoha izay fivarotana tany izay nandritra ny fampielezan-kevitra nataony ary efa nambarany tamin' izany fa 1.000 Ha izany tany amidy izany, ary dia io Ambohitrimanjaka io izany no misantatra izay fivarotana tany amin'ny vahiny, izay mba hanorenana tanàna vaovao, izay tsy hitoeran'ny vahoaka Malagasy akory fa ho an'ny vahiny mazava ho azy. Nanamafy izany Ramatoa Rinah Rakotomanga tamina fahitalavitra iray, fa tsy misy vohitra ahetry izany hono amin'ny fanatanterahana ilay tetikasa Tanà-Masoandro, fa ny lemaka no ho totofana. Ho an'i Pr Harimalala Joseph dia ambarany amin'ny fanehoankeviny fa voasoratra ao amin'ny soratra masina dia mazava tsara ao amin'

ny bokin'ny Apokalypsia 16: 19-20 manao hoe: "Ary ny tanàna lehibe dia vaky ho telo, ary rava ny tanànan'ny firenena maro, ary Babylona lehibe dia notsarovana teo anatrehan'Andriamanitra, mba homena azy ny kapoaky ny divain'ny firehetan'ny fahatezerany, ary ny nosy rehetra nandositra, ny tendrombohitra tsy hita intsony". Koa manoloana izany tenin'Andriamanitra izany dia tsy tokony hampandainga an'Andriamanitra ny mpitondra, satria marina ny tenin'Andriamanitra matoa notanisainy avokoa ireo karazana tranga maro samihafa ireo, dia ny faharavan'ny tanànan'ny firenena maro, eo koa ny tsy fahitana ireo Nosy rehetra izay voalazan'ny tenin'Andriamanitra. Eny fa na dia ny tendrombohitra aza hoy ny voalaza dia tsy hita intsony. Tokony handinika araka izany ny mpitondra fanjakana, satria dia maro ny tranga miseho eto Madagasikara izao, dia ny vonoan'olona sy fandatsahan-drà etsy sy eroa, izay tsy mitsahatra mihanaka izao, raha tsy hilaza ny fisehoana rà latsaka sy fahafatesan'olona eran'i Madagasikara ireny. Ankoatra izay dia hatramin' ny vadina tompon'andraiki-panjakana avy no nahavita namono olona tany Ambositra. Koa antso avo hoy ity mpandinika ity no atao amin'ny mpitondra, mba handinika sy hieritreritra ny ambaran' ny tenin'i Jesosy Kristy ao amin'ny Jaona 8:44-45 manao hoe: "Hianareo avy amin'ny devoly rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo hatao. Izy dia mpamono olona hatramin'ny taloha, ary tsy nitoetra tamin'ny marina, satria tsy misy marina aminy. Raha man- dainga iny, dia ny azy no lazainy, satria mpandainga izy, sady rain'ny lainga". Ety ampamaranana hoy hatrany i Pr Harimalala Joseph, dia manao antso ho an'ny vahoakan'Ambohitrimanjaka ny tenany, mba tsy hanaiky ho raviraviana vola ho fanonerana ny taniny, na hoatrinona na hoatrinona, eny fa na dia ho tambazan'ny fitondrana 100 tapitrisa isan' olona aza satria toy ny mivarotra tanindrazana isi-ka. Etsy andaniny dia mampiahiahy tanteraka ny ao ambadik'io tetikasa Tanà-Masoandro io matoa misisika mafy amin'io raharaha io, ary tsarovy hatrany ny tenin'i Jesosy araka ny ambaran'i Marka 8: 36-37 manao hoe: "Fa inona no soa azon'ny olona raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy? Fa inona no homen'ny olona ho takalon'ny ainy?". Fehiny dia samia mijoro isika vahoaka Malagasy, ary aoka mba tena hiray hina sy hiray saina sy fo am-panahy, ka sahy hilaza toy ny nambaran'i Estera 8:6 manao hoe: "Fa ataoko ahoana ny fijery ny loza hanjo ny fireneko? Ary ataoko ahoana no fijery ny fandringanana ny havako?". Ambava homana tompoko!

Lezama

NY TENY FIAINANA

II Korintiana 4:7

Fa manana izao rakitra izao amin'ny vilany tany izahay, mba ho an'Andriamanitra ny halehiben'ny hery, fa tsy ho avy aminay."

Polisy nanenjika jiolahy 3

Nijininika ny rà tetsy Analakely

Nisahotaka ny tetsy Analakely omaly tolakandro tokony ho teo amin'ny 3 ora sy sasany teo. Nirefotra ny basy tamin'izany, ka samy taitra ny rehetra, ny ora toy izany koa dia maro ny olona mifamezivezy amin'iny faritry ny afovoan-tanànan'Antananarivo Renivohitra iny. Soa fa tsy nisy voatifitra ny olon-tsotra. Polisy avy amin'ny sampana miady amin'ny asan-jiolahy no nanaraka sy nanenjika jiolahy miisa 3 teny an-toerana tamin'iny ambadiky ny Institut Analakely iny. Niezaka nandositra ireo jiolahy ka nahatonga ireo mpitandro filaminana nitifitra, voatifitra teo amin'ny tongony ny jiolahy iray, nijininika noho izany ny rà, tafaporitsaka kosa ireo totakely roa namany, ary mbola nifanenjehan'ireo polisy tany anelakelan-trano tany, saingy tsy tratra intsony. Mbola mitohy ny fanadihadiana.

Ny Valosoa

TONONKALO

RAHA MITENY...

Raha miteny ny mpitsara , mampahatsiahy ireo lalàna,
Dia hazaina sy enjehina ary dia kasaina haato ?
Moa tsy mahatanty kiana ianao mpitondra fanjakana,
Sa dia tena vilam-bava nefa te hitari-bato ?

Raha miteny ny mpanohitra , (ary tena zony izany!)
Dia esoina sy tebahina ary anaovana antsojay ?
Moa ny teninao mpitondra no hany marina hatrany,
Fa dia diso , tena diso izay rehetra ankoatr`izay ?

Raha miteny ny vahoaka (f`izy anie no Andriamanjaka!)
Dia anaovana bontolo sady tsy henoina teny ?
Ny vahiny hatrany hatrany no avela hahazo laka
Fa avy aminy ny vola ilibana ombieny ombieny ?

Raha miteny koa ny moana f`efa tena tsy azo afenina
Ny amin`ny fahoriam-bahoaka sy ny sento tsy hay fefena,
Dia hamaly hatrany hatrany ianao mpitondra bemarenina
F`efa miadana ny tany , miarin-doha ny firenena ?

DADAN`i ZINA (12-11-19)

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Antsa R.

NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO Dokam-barotra

Tel. 034 79 076 00

TIAKO I MADAGASIKARA

KAOMININA AMBANIVOHITRA AMBOHIMANGAKELY

FIDIO

TIAKO I MADAGASIKARA
TIM
Amboary ny lalana eto Madagasikara

VINAM-PITANTANANA NY KAOMININA AMBOHIMANGAKELY

1	TIM TIAKO I MADAGASIKARA	Hajasoa Pascal RAZANAKOTO	X
2	TIM TIAKO I MADAGASIKARA	RAKOTONDRAINIBE Nambinintsoa José	X

FIFIDIANANA HO BEN'NY TANANA sy MPANOLOTSAINAN'NY TANANA

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Fitondrana Rajoelina : manome rano maloto ny mponin'Antananarivo

« en outre, six forages seront réalisés cette semaine dans les nappes phréatiques plus profondes des bas-quartiers comme 67ha et itaosy. des grandes cuves seront en même temps mises en place afin de distribuer gratuitement de l'eau à la population locale. par contre, ce ne sera pas de l'eau potable faute de traitement. ce sera utilisé uniquement pour le lavage des automobiles ou les lavages domestiques ou bien pour la cuisson », a précisé ravelojaona albert, le dg par intérim de la jirama. »

RazzaAn Andria : tena manome rano maloto ny mponin'Antananarivo mihitsy ity fitondrana Rajoelina ity, araka io fanambarana nataon-dry zareo io. Izny ve président tsy mampisotro maloto vahoaka an.... Tsy fantatrao mantsy fa eny amin'ny faritra iva avokoa ny ranomalto rehetra no miangona an... à 2 metres enao dia ahitana rano maloto..... Zavatra hafa asolo e !
Tsikia Lovatiana Randria : tena possible mihitsy io fanamarihana io, tena rano maloto izany no omena ny vahoaka.
Salomon Rasoavamanana : tena tsy manana vaha olana amin'ny olana ara-tsosialin'ny vahoaka mihitsy ilay fitondran-dRajoelina mpanongam-panjakana. WC lavaka daholo ange ny maro eny e, dia rano inona izany no ho azo eny amin'ny faritra iva eny, tena rano maloto tsy azo ampiasaina mihitsy.
Bah Tiana : d gaga enao. Nefa d we renivohitra, tsy manana vaha olana matotra mihitsy ilay fitondrana Rajoelina amin'ny olam-bahoaka toa io resaka rano io.
Rabetokotany Njakaniaina : tsy mampinana maloto izy fa manoloana ny tsy azo anoharana ny vahoaka dia tsy maintsy mihinana. Efa tsy halohalika intsony ny ranom-bary hoy ny fiteny tao amin'ity gazety ity fa efa any am-bava mihitsy ny ranon-d….
Tsarafaka Nantenaina : tanteraka Izany ilay hoe mihinana ny IEM ny. Velirano io tompokolahy sy tompokovavy.
Oleif Natiora : LOOOOZA! Faritra iva iandronan'ny rano maloto ve no isintomana rano ! Rano efa lazaina fa tsy potable koa nahoana no hoe andrahoan-tsakafo???…
Tafitasoa Jean : ranotay no apisotroina olona loza!!!
Noro Hanitra Ranaivoson : raha vita traitement aloha, raha voitures sy lavages domestiques mety hety.
Salomon Rasoavamanana : voiture sns...ahoana? Ny manana fiara sy fosse sceptique jirama ihany fa ny gargotte sy ny sahirana no hampiasa azy e...
Noro Hanitra Ranaivoson : tsy natao hohanina kah, fan a izany aza dia hilalao rano maloto izany ny vahoaka.
Heriniaina Randriamiharisoa : f'angah ny fiara koa tena mitaraina rano e?? Huhuhu !!
Miarimalala Dimbisoa : pour la CUISSON. Leky olo tsa mahay frantsay ve tsa hahalala ny dikan'izay? Rano maloto no handroina zany.
Totolalahy Paulin : inona ary ny solution avy aminao e ??? Filana mitombo noho ny vahoaka mitombo isa. Ny loharano miha-ritra. Vaha olana no omena rehefa manakiana. Fa io forage io nge misy fanadiovana rano e.
Monique Razafiniaina : mampalahelo ny mieritreritra anareo ry Antananarivo. Maizina alina eo ampisotroana rano maloto. Fa naninona loatra re.
Hanitriniaina Andrianantoandro : izany hoe sasana @ rano maloto ny vilia sy sotro ary ZINGA IHINANANA ??? Tena FADY AKOHO AN- DRAINIDAFY TY ZANY ..TSY MIHINANA NY VENTINY FA MISOTRO NY RONY.
Mathilde Rakotoarison: amiko ny vaha-olana amin'io dia mandatsaka orana artificielle any Tsiazompaniry sy any Mantaso any, rehefa miha-be ny rano any dia sokafana hakaty Antananarivo.
Justine Tody: mampalahelo Tanà, fa mbola mampalahelo koa ny any amin'ny Sud an'i Madagasikara. Ho problème an'i Madagasikara jiaby problème rano ity. Mila mijery solution mharitry ny fanjakana.
Philibert Rabesaotra: tena fandrotsahana pluie artificielle any amin'ireo lac manondraka an'Antananarivo tokoa no anisan'ny solution amin'ity problem-na rano ao an-drenivohitra ity.
Kalo Juliette: problème be koa ranonareo à Tanà akao, rano maloto hampisotroiny population, efa raha trop koa izy ty.
Prosper Ramilijaona: tena rano maloto tokoa io ho trohana hampiasain'ny mponina io izaany. Mila mijery solution hafa ny fitondrana fa tsy vaha olana izany forage amin'ny faritra iva izany. Tena fampihinana ny IEM ny vahoaka mihitsy izany.
Théo Rabefitiavana: na esorina daholo aza ireo responsable amin'ny Jirama, ka hosoloina olona vaovao avokoa, tsy mbola hahavaha ny olana izany, satria ilay fototry ny olana mihitsy no tsy voavahan'ny fanjakana. Hatramin'izao amin'ny faritra sasany lasa toa mavomavo mivolon-daoranjy izany ny rano.

Sekoly protestanta Fjkm

Notontosaina tany Fianarantsoa ny ivon'ny faha-200 taonany

Notanterahina tany Fianarantsoa tao amin'ny Synodamparitany Matsiatrasoa ny ivon'ny fankalazana an' Andriamanitra noho ny faha-200 taona nijoroan'ny Sekoly Protestanta teto Madagasikara . Fanompoampivavahana lehibe no nanamarihana izany ny Alahady 10 Novambra 2019 , nanomboka tamin'ny 10 ora , izay natao tao amin'ny Kianja malalaky ny Sekoly FJKM RANDZAVOLA IVOHIDAHY.
Noredonina ary nanakoako teo am-piandohan'ny fotoana ny Hira fanevan'ny faha-200 taonan'ny Sekoly « MAHARETA ».
Manana tetibidy eo amin'ny 178 tapitrisa Ariary ny fanamboarana ilay trano lehibe ivotoeram-panofanana Mpampianatra ho an'ny Ambaratonga voalohany, izay natao ho tsangambaton'izao jobily lehibe izao. Fantatra fa mandray anjara mavitrika ny isam-piangonana, ny isan-tsynodamparitany, hatramin'ny mpianatry ny sekoly FJKM amin'ny alalan' ny vola 200ar isaky ny mpianatra. Hatrany am-pitandranomasina na ny fiangonana manana sekoly na ny tsy manana dia samy mahatsapa ho tompon'adidy manoloana ny fananganana io tsangambto lehibe ho ivo-toeram-panofanana Mpampianatra io, izay hatao any IMERIMANDROSO Ambatondrazaka –Alaotra. Kasaina hotokanana ny volana Martsa 2020 izany fotodrafitrasa lehibe izany.
Nanentana ny Komity fa mbola tohizana hatrany ny Angonkevitra ho fanatsarana ny Asa Fanabeazana sy fampianarana sy ny Angom-bola ho amin'ny fanorenana.
Raha ny Tantaran'ny Sekoly araka ny famintinana nataondRAKOTONAVALONA Maholy, Mpitandrina, dia vavimatoan'ny Sekoly rehetra ny Sekoly Protestanta FJKM. Tsy afa-misaraka amin'ny fitoriana ny Filazantsara ny fanabeazana . Tsy mampianatra fotsiny no ataony amin'izany fa manabe olona tena vanona. Ny Boky ao amin'ny Soratra masina no taranja nanadinana tany amin'ny taona 1924 (Boky Genesisy, Eksodosy, Lioka…). Nirotsaka an-tsehatra tamin'izany ny Mpanjaka. Ny fanirahana evanjelistra tao amin'ny I6 B Imerina tany amin'iny tapak' avaratry ny Nosy iny dia nampiara-dàlana hatrany ny asan'ireny iraka ireny tamin 'ny fanokafana sekoly, ka Sekoly aloha vao fiangonana. Tany am-boalohany dia sekoly teo amin'ny enina isa teo no tafatsangana vao niorina ny fiangonana voalohany. Teny antenatenam-potoana teny dia nitovitovy ny isan'ny sekoly sy ny Fiangonana, fa ankehitriny dia ampahafolon'ny isan'ny fiangonana sisa no isan'ny sekoly mijoro.
"Hamafisina ny fianarana ny Teny Anglisy eo anivon'ny Sekoly FJKM. Ankoatran'ny tsangambato hita maso dia misy koa ny tsangambato tsy hita maso, dia ny fanamafisana ny fitsipika ifehezana (discipline) ary atombohy aminareo mpampianatra sy mpanabe izany", hoy ny Filoha mpanampy ao amin'ny Birao Mpiandraikitra Foibe Fjkm. Nentanina ny rehetra mba hanampy sy samy hanao izay azony hatao ho fanohanana ny Sekoly amin'ny lafiny rehetra. Aoka ho lohany ny Sekoly FJKM, hoy ny nambarany.

Nanangona Radafy

Sakafo Ny Valosoa

Ravim-boatavo sy henomby indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao rony izany, azo atao ketsaketsa koa. Dia mazotoa homana tompoko

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fomba natoraly hitsaboana ny aretim-bavony

Fomba natoraly hitsaboana ny aretim-bavony indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina :
- laisoa ½,
- karaoty 2,
fikarakarana:
- zarao roa ny laisoa anakiray , ka ny tapany ihany no ilaina eto, dia teteho manifinify madinika, avy eo voaso ny karaoty dia teteho madika ihany koa, mixé-na miaraka izy roa mba hahazoana jus ranony, tsy tapohana na inona na inona, misotro antsasaka vera alohan'ny hisakafo atoandro dia antsasaaka vera alohan'ny hisakafo hariva,
- atao mandritra ny herinandro maromaro izy ity, 3 herinandro mba hanasitrana tanteraka ilay vavony samba.
- mila atao vaovao foana ny jus sotroina, mba hanatsara ny fitsaboana izany hoe atao anaty frigo na amin'ny toerana mangatsiaka ilay ambiny ny atoandro, ilay hosotroina ny alina na ny ampitso raha mbola misy ambiny dia avy eo manao vaovao foana isaky ny lany io.
- ny laisoa dia feno vitamine C , ny karaoty kosa dia misy ny vitamine U ka ireo roa mitambatra dia manatsara ny vavony marary.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Antanambe distrikan' Ambilobe faritra Diana

Ny tanànan'Antanambe distrikan'Ambilobe faritra Diana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. 17 km miala ny tanànan'Ambilobe no misy ary 110 km eo miala an'Antsiranana. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any, mpamboly vary, katsaka, kafe. Miompy omby sy akoho amam-borona ihany koa.

PAM

Nanomboka ny hetsika mizarà sakafo an-tsekoly any atsimon'i Madagasikara

Ny Fandaharan'ny Firenena Mikambana misahana ny fanampiana ara-tsakafo (PAM) dia nanomboka ny hetsika fanangonam-bola amin'ny alalan'ny finday, Share the Meal, eto Madagasikara. Io fampiharana io, izay azo alaina amin'ny alàlan'ny App Store na Google Play, dia hahafahana mizara sakafo an-tsekoly ho an'ny ankizy 10 800 amin'ireo 300 000 mahazo cantines scolaires, amin'ny alàlan'ny fanomezana vola amin'ny finday. Ny Share the Meal, izay mampifandray ny cantines scolaires sy ny teknolojika, dia mikendry ny hampihena ny hanohanana manerantany, ary indrindra mandray anjara amin'ny fanatsarana ny fanjariantsakafo ho an'ny ankizy, ary mampitombo ny fotoana andehanany mianatra. Eto Madagasikara, ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, ny Fanofanana ara-teknika sy ny arak'asa (MENTP) sy ny PAM dia mitantana cantines scolaires ho an' ankizy miisa 300 000 any amin'ny faritra Androy, Anôsy ary Atsimo Andrefana, any atsimon'i Madagasikara, faritra izay iharan'ny tsy fahampian-tsakafo. Ny Analyse coût-bénéfice de l'impact des cantines scolaires à Madagascar, na ny famakafakana ny tombontsoan' ny cantines scolaires eto Madagasikara, notanterahin'y MENTP, ny PAM sy ny MasterCard tamin'ny 2018, dia maneho fa ny 1 dolara arotsaka amin'ny cantines scolaires dia miteraka 6,1 dolara amin'ny harinkarena faobe, na 935 dolara mandritry ny fiainan'ny zaza iray. Ny fiantraikany lavitra ezaka dia ny fitomboan'ny toekaren'ny firenena, rehefa lehibe ireo zaza ireo ka salama ary miasa. Ny tanjon'ny drafitry ny sehatry ny fanabeazana dia ny hahatratra 357 000 ireo ankizy hisitraka ny cantines scolaires, ka miakatra 10% isan-taona izany hatramin'ny 2023 (sahabo ho 370 000 eo ho eo). Mahatratra 47 tapitrisa ny sakafo no nozaraina manerana izao tontolo izao avy amin'ny Share the Meal, manomboka any Pakistan ka hatrany Bangladesh, Libanona, Yemen ary Syrie.

Aly

Jean Olive Ramaheninarivo

Hanatanteraka fampisehoana an-kira etsy amin'ny CCESCA Antanimena ny alahady izao

Gadon-kira « Slow » ; « Reggea » ; « Sega » ; « Tropical » sy ny gadona maro samihafa no hiarahan'ny mpanakanto Ramaheninarivo Jean Olive na i "Olive de la Réunion", miaraka amin'ny mpanakanto Malagasy sy avy any La Reunion maro be handravaka ny CCESCA Antanimena mandritra ny 4 ora, miaraka amin'ny mpankafy. Anisan'ny mpanakanto hanafana ny sehatra i Njakatiana ; i Parson Jacque ; i Tonton Pa ; Arione ; Lilie ; ny tarika MalalanManitra ; Anjara sy ny maro tsy voatanisa... Ho tonga hanafana ny hetsika ihany koa i Fred Flaviny avy etsy amin'ny Nosy La Reunion. Hisy ny hira iraisan'ny mpanakanto roa « Duo », na hira hiarahan'ny mpanakanto maromaro ; hisy ihany koa ireo hira izay nahafantaran'ny mpankafy ny Artista tsirairay. Marihina fa ny « Itasy Project » no mikarakara ny hetsika ary manantena fa hahazo ny anjarany avokoa ny sokajin'olona rehetra mandritra ny fampisehoana.

Franck Razakambelo

Ny mpanakanto Olive de la Réunion sy ireo mpiara-miasa aminy.

Tetikasa Manitatra 2

Hanaparitaka ny teknika agro-ecologie

Ny tetikasa Manitatra 2 dia vatsian'ny vondrona Eoropeanina vola amin'ny alalan'ny COMESA, tetikasa izay haharitra 3 taona, miasa amina kaomi- nina 17 (ampovoan-tany sy tapany andrefana) ary efa nanomboka tamin'ny volana jona 2018. Misy ny fiaraha-miasa amin'ny DREED, DRTTM, CEFFEL, APDRA, FIFAMANOR. Nandritra ny atrika- sa no namelabelaran'Andriamatoa TOKOHERINIONJA Tanjonarilesa Le- hiben'ny tetikasa, ny fiovaovan'ny toetr'andro ary ny tsy fanjariantsakafo. Ezaka ny hanapariahana ity teknika « agro-écologie » ity amin'ireo tantsaha ao anatin'ny heritaona sy 3 volana, nefa ilàna faharetana izany, mba hahazoana tombony sy voka- tra. Tantsaha miisa 50 sy "pépiniéristes", ary sekoly miisa 12 no efa nofanina. Mba hampihenana ny tahan'ny faharatsian'ny vokatra izany dia ilaina ny fambolen-kazo, raha 1.500.000 zanakazo no tanjona, dia amin'ity «Manitatra 2» ity no hambolena ny zana-kazo miisa 1 tapitrisa latsaka. Ny zezika lombri-compost, izay vary an-tanety no tena iasan'ny tetikasa, eo koa ny fanatsarana ny valan'om-by. Tanjona ny fampihenana ny tsy fanjarian- tsakafo sy ny fiarovana ny tontolo iainana. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny herinandro teo ny atrikasan'ny tetikasa Manitatra 2, tao amin'ny Maison de la retraite Antsira- be. Nanome voninahitra izany ny Sekretera Jeneralin'ny Prefektiora, ny Tale misahana ny Fampandrosoana eto anivon' ny Faritra. Vina ny hianarana ny taranja "agro-écologie" any an-tsekoly afaka 2 taona na 3 taona any ho any raha ny nambaran'ny tompon'andraikitra ihany satria tafiditra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana izany.

Lezama

Tetikasa Pausens

Nisy ny tomban'ezaka nataon'ireo mpamatsy vola

Fidinana ifotony nataoan'ny avy amin'ny banky iraisam-pirenena nanaovana ny tomban' ezaka nandritra ny fanatanterahana ny tetikasa « PAUSENS », teto anivon'ny Faritra Vakinankaratra. Raha tsiahivina dia ny volana martsa 2015, ka hatramin'ny Mey 2017 ny faharetan'ity tetikasa ity, izay niseho tamin'ny sehatra maro. Tonga niatrika izany teto ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra Mpisolo Toerana sy ny Tale miadidy ny Raharaha Ankapobeny sy ny lafitany, ary ireo voakasika ny tetikasa mivantana. Ny Faritra dia manana iraka manokana ho an'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy, arak' izany tokony tsy ho tompontrano mihono ny Faritra amin'ny tetikasam-pampandrosoana rehetra. Nandritra izany no nanaovana ny fampahafantarana ny tanjaka sy ny mampiavaka ny Faritra Vakinankaratra, ka isan'izany ny teo amin'ny sehatry ny fambolena, fiompiana ary sosialy. Ho an'ny tao amin'ny sehatry fahasalamana kosa dia zava-dehibe ho azy ireo ny fisian'ny tetikasa tahaka izao, mba hahafahana manentana ireo reny bevohoka sy mitaiza kely, mba hanatona ireny tobimpahasalamana ireny. Raha ho an'ireo ONG indray dia mba tsy ho mpiara-miasa fotsiny ihany no angatahin'izy ireo, fa mba izy mihitsy no hahazo ny famatsiam-bola avy amin'ny banky iraisam-pirenena. Teto dia samy naneho ny heviny mahakasika ny fanatsarana ny tetikasa ao aoriana ireo rehetra tonga nanatrika teto satria hita fa nisy ny lesoka maro tamin'ireo tetikasa efa nisy taloha, izay vatsian'ny banky iraisam-pirenena vola. Isan'ny tena nivoatra nandritra izany fa tokony ho fantatry mpitondra eto anivon'ny Faritra ny fisian'ny tetikasa iray, mba hahafahana manara-maso sy mitondra vahaolana aorian'ny tetikasa. Ezahina araka izany hoy hatrany ireto solontena avy amin'ny banky iraisam-pirenena ireto ny hitondra ny hetaheta rehetra any amin'ny ambaratonaga ambony mba hisian'ny fiovana ary mbola nanentana ihany koa izy ireo amin'ny fiaraha-miasa ho an'ny sehetra tsirairay, indrindra amin'ny fitondram-panjakana.

Solohery

Taratasin'ny mpamaky

Tsara ampahafantarina ny mpamaky gazety sy ny mety iantefany izao taratasy : tantaram-pirenena izao dia ny momba an' Ambondromben'i Madagasikara: araka ny filazan'i Dr RANDRIA Michel tao amin'ny bokiny mitondra ny lohateny hoe"Fototeny Malagasy" p.34 dia lasa vahoakan'Ambondrombe no fiteny tranainy indrindra raha nilaza ny olona nody mandry ny Gasy", fa tsy izany lasan'Andriamanitra izany, na nantsoin'ny Ray hody any aminy izany.

Ny teny hoe Ambondrombe, hoy ihany izy dia fivoriambe na fonenana iombonan'ny rehetra any ankoatra rahatrizay maty, ka miala eto an-tany.

Raha nanafika tany atsimo tany ny tafik'i Radama, dia ripaka maty tany indrindra fa teo amin'io toerana Ambondrombe io, ireo miaramila anjatony. Koa ho fampiononana ny havan'ny maty, rehefa tafaverina ireo sisa velona dia nilaza tamin'ny havany fa mbola hihaona amin'ireo havany any Ambondrombe izy ireo rahatrizay.

I-AMBONDROMBE ARAKA NY NITANTARAN'NY NAHITA MASO AZY:

-Mpiasan'ny BRGM telo lahy no nirahina hamita asa fanoritana izay mety ho hita amin'io toerana io, no Malagasy efa tonga tany marina.

Tendrombohitra avo milingilingy ao atsinanan'Ambalavao tokony ho eo amin'ny 40 km eo, amin'ny lalana mankany Ikongo iny no misy azy. Raha dia an-tongotra miala eo Ambalavao mankany Ambondrombe dia eo amin'ny roa andro eo no faharetana mankany.

Havoana saro-javona lava izy io, ka tsy misy mihintsy ahitana ny ao an-tampony raha avy aty ivelany, ary ny ao anatiny tsy mahita ny aty ivelany.

Mandalo ambaratonga dimy vao tonga eny amin'ny faratampony. Rehefa tonga teo ampototr'ilay tendrombohitra izy telo lahy dia nahita zazavavy nanasa lamba teo amoron-drano tamin'ny andro voalohany io. Tsikaritr'ilay iray tamin'izy telo lahy, fa toa ohatra ny zazavavy efa hitany izy io. Nefa io zazavavy io dia zanak'olona tao Behoririka, niara-nonina taminy taloha, ka efa maty, ary efa nalevina teny alarobia misy ny fasan-drazany, enim-bolana lasa izay. Raharinivo Suzanne no anarany,ary na ny fianakaviany aza dia mbola misaona azy. Koa gaga sy talanjona izy raha nahita izany.

Raha mbola teo am-pieritreretana izany izy dia avy hatrany dia nilaza taminy ilay zazavavy fa izy tokoa no Raharinivo Suzanne, araka ny eritreretanao azy hoy izy.

Efa hariva moa ny andro tamin'izany, koa mba niangavy trano hatoriana taminy izy telo lahy, dia nampandrosoiny tao an-trano falafany. Efa voahomana tao ny sakafon'izy ireo, ka nikarakara ny fahandroana azy fotsiny no nataon'ilay zazavavy. Marihina moa fa trondro no laokan-dry zareo tamin'izany. Misy labozia iray lehibe tsy mety lany nampirehetiny. Rehefa avy nisakafo izy ireo dia samy natory kanefa tsy azo atao ny mikasikasika azy. Ilay roa lahy tsy nahafantatra azy, avy hatrany dia natory, fa ilay iray kosa mbola niresaka taminy sy namotopototra ny aminy.

-"Ety no andehanan'ny ambiroan'ny maty rehetra, hoy izy, ary tsy maintsy mandalo ambaratongan'Ambondrombe mandritra ny vanimpotoana voafetra ny olona maty rehetra vao tafiditra an-tanànan'Ambondrombe. Koa rehefa hody ianareo dia hisy hafatra hampitondraiko anareo ho an'ireo Ray aman-dreniko". Mahavariana tokoa ny tantara ka heverina fa mbola hotohizana…

JR Ifalina
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao

SEFAM

Namoaka ny andiany vaovao hisehatra amin'ny fahasalamana

Mpianatra miisa 55 mianadahy no navoaka tamin'ny fomba ofisialy teo anivon'ny sekoly ambony SEFAM (Sekoly Fanomanana Mpitsabo Mpanampy), ao Andranomadio Antsirabe, rehefa avy niofana nandritra ny 3 taona, ka nahazoan'izy ireo ny mari-pahaizana "licence" tamin'ny fiofanana ho mpampivelona, mpitsabo mpanampy ary tekinisianin'ny laboratoara. Tontosa ny faran'ny herinandro teo ny lanonana ofisialy nanomezana azy ireo izany mari-pahaizana izany. Lanonana izay natrehan'ny Filoha Nasionaly ny Fiangonana Loterana Malagasy Pastora RAKOTONIRINA David, ary natrehan'ireo solontenampanjakana. Raha tsiahivina dia mbola Institut ny SEFAM teo aloha saingy nisy ezaka manokana nataon'izy ireo, ka niditra amin'ny Faculté ankehitriny, izay miara-miasa akaiky amin'ny Oniversite Martin Luther any Fianarantsoa. Avy amin'ny synodam-paritany maromaro manerana an'i Madagasikara sy ny sahan'ny FLM ireto mpianatra vao nahazo ny mari-pahaizana ireto, ary ao aorian'izao dia hiasa eny anivon'ny sahan'ny Fiangonana Loterana malagasy izy ireo sy ny sehatra fitsaboana manerana an'i Madagasikara ihany koa, satria dia ara-panjakana tanteraka ny mari-pahaizana azon'izy ireo.

Lezama

Mpiandry raharaha

PHARMACIE DE GARDE 9/11/19 hatramin'ny 16/11/19

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) Tel 020 22 355 09 / 020 24 334 86 / 033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) Tel 020 22 224 26 / 020 22 699 19 / 034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) Tel. 020 22 255 50 / 033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) Tel 020 22 255 51
- **67HA** (Face Eglise Luthérienne) Tel 020 22 253 61

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 / Orange :
032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY MATEX Imprimerie

Fametrahana 979-11-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

BORIBORITANY FAHA-5 (CUA)

Nahazo lalankely vita rarivato mirefy 200 m eo ny fokontany Soavimasoandro

Mitohy hatrany ny asa fijerena ifotony ny fiainan'ny mponina tanterahin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA).
Manamboatra lalankely eny Soavimasoandro ny avy eo anivon'ny Boriboritany fahadimy ,mirefy manodidina ny 200m eo ho eo izy ity, ary natao rarivato. Ireo ekipa teknika avy eo ani-

von'ity boriboritany ity ihany no miantoka ny fanatanterahana ny asa. Marihina fa isan'ireo lalankely ifamezivezen'ny olona maro ity amboarina ity ary tena manahirana ny mponina indrindra rehefa fotoana fihavian'ny orana. Faly ny mponina eny antoerana noho ny fanaovana rarivato ity lalankely ity izao.
Entanina hatrany araka izany ny mponina mba hikajy ireny fanàna iombonana ireny.

Aly

Cnfpar Vinanikarena

Namoaka tanora mpiofana miisa 24 hiditra amin'ny tsenan'ny asa

Notanterahina ny faran'ny herinandro teo ny famoahana tamin'ny fomba ofisialy ireo mpianatra andiany "TARATRA", ka tanora miisa 24 indray no navoakan'ny CNFPAR Vinanikarena, na ny « Centre National de Formation Professionnelle Artisanale et Rurale », nisalotra ny andiany « TARATRA », izay afaka hiditra amin'ny sehatry ny asa avy hatrany. Nandritra ny 3 taona ny fiofanana ho an'ireo mpianatra ireo, ka raha ny fantatra dia efa mpianatra maherin'ny 200 kosa no niofana sy navoakan'ity toeram-piofanana ao amin'ity CNFPAR ity. Araka ny tantara, dia ny taona 2001 dia mbola « Centre de production » ity toerana ity. Ankehitriny dia efa 56 taona nisokafana ny CNFPAR. Ireto kosa ireo sampam-piofanana misy ao an-toerana dia ny: « Agriculture et élevage », « ouvrage bois », « ouvrage métallique et fabrication mécanique », « Bâtiment et Travaux Publics», « mécanique auto », « machinisme agricole ». Fantatra ihany koa fa efa andiany faha 22 ity andiany « TARATRA » ity, izay miisa 24. Tonga tao antoerana ny Minisitry ny fampianarana sy ny fanofanana arakasa, ka ho fampo- risihana sy fampiroboroboana ny fampianarana dia nanolotra fitaovana ihany koa ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, ny fampianarana ara-teknika ary ny fampiofanana arak'asa, VOLAHAINGO Marie Thérèse. Teto dia nanentana ny rehetra ny Minisitra havitrika amin'ny adidy manandrify eo amin'ny sehatry ny fanabeazana. Zon'ny zaza ny mianatra hoy izy, ka tsy tokony ho sakana ny sarany. Ny fitondram-panjakana dia miady amin' ny kolikoly sy ny fahalovana, izany hoe ady amin'ny kolikoly amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana. Paikadim-pampianarana ny famerenana ny tetiandrom-pampianarana ho 9 volana indray amin'ity taom-pianarana 2019-2020. Manakara no nosafidiana hanaovana ny rentrée solennelle.

Lezama

Fambolena Vakinankaratra

Hantsangana ny rafitra ho an'ny teknika ara-pambolena fomba fanao tsara

Fahavitana ara-tsakafo no tanjon'ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao. Hatsangana eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra ny "task force Régional pour la Bonne Pratique Agricole", mba hahazoana vokatra tsara kalitao sy manaraka ny fenitra takian'ny tsena. Tontosa ny herinandro teo ny fivoriana voalohany hanomanana ny fananganana izany rafitra izany. Nanatrika izany tao ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra Mpisolo Toerana RAKOTOMAHANDRY Thimoté, sy ny Tale miadidy ny fampandrosoana eto anivon'ny Faritra, ny Talem-paritry ny Fambolena, fiompiana ary ny Jono ary ireo mpisehatra heverina fa handrafitra izany rafitra izany. Nandritra izany dia ny asa isam-bondrona no nentina namoahana ny hevitr'ireo mpisehatra rehetra ao anatin'ny seha-pihariana tsirairay mba hahafantarana ny tanjaka, olan'ny seha-pihariana rehetra eto amin'ny Faritra Vakinankaratra. Ho an'ny teo amin'ny voly fanondrana dia isan'ny olana misy eo amin'izy ireo ny tsy fahampian'ny fifanakalozana eo amin'ny samy mpandraharaha, tokony hisy ihany koa ny fampivondronana ireo mpisehatra rehetra. Raha ny teo amin'ny sehatry ny voankazo sy ny legioma kosa dia sarotra ho azy ireo ny famoahana ny vokatra, ny tsy fisian'ny tsena manokana entina hanasongadinana ireo vokatra biolojika. Eo amin'ny sehatry ny fiompiana sy ny jono indray dia tanjona ny hampifanaraka izany amin'ny politika ankapobean'ny fanjakana mba hampandroso haingana ny firenena, tsy ampy hoy hatrany izy ireo ny fandrindrana ny seha-pihariana hifanaraka amin'ny tokony ho izy, ambany ny vokatra, ary indrindra hamafisina ny lalàna misy. Zava-dehibe ho an'ny tontolo eny ambanivohitra ny fananganana ity rafitra ity mba hisian'ny fiaraha-miasa matotra eo amin'ireo orinasa vaventy. Ny tanjona amin'ity rafitra ity dia ny hialana amin'ny tsy fitovian'ny teknika ho entin'ireo teknisianina eny anivon'ny tantsaha. Mbola santatra am-bavarano ihany izao fa mbola hisy ny fiantsoana fivoriana manaraka hidirana amin'ny tena ara-dalàna.

Solohery

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 300



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0299)

Mitsivalana

- Santatra
- Omeo
- Kintana
- anio – Osy
- Tatitra
- Ony – Ko
- Aia – Zoma (Miv)

Mitsangana

- Sokatra
- Amina
- Nenitoa
- Totoin(a)
- Tia
- Tanor(a)
- Asako
- As – Zo (Miv)

TENY MIFANAPAKA N° 300



Mitsivalana

1. Firaisam-pianakaviana **2.** Trano fiantohana – Mpanondro **3.** Loka – Ao amin'ny teny **4.** Nitolona (BR) – Asio fonony (BL) **5.** Faritra **6.** Vizana – Fahita lavitra **7.** Aorianao **8.** Tompon'ny sambo fiara – Tsy lavitra **9.** Malaina – Mampisafidy **10.** Hitarafako (Miv)

Mitsangana

A. Sekolinao **B.** Matoky (BR) – Mamo tapany **D.** Lanitra mangamanga **E.** Azera – Anaty rano **F.** Taova – Mpanjaka **G.** Iray sy iray – Matoan-janaka (Miv) **H.** Niahy **I.** Solfa (Miv) – Karazana lasopy (Miv) – Mitsipaka (Miv) **J.** Nalentikay **K.** Heriny sy ny tanjany

Valiny Teny mifanaraka 0299

Mitsivalana

1. Fitaratra **2.** Anarana - La **3.** Naoty - Am (Ma) **4.** (A)li(na) - Atih (Hita) **5.** Siaka - Sav(a) **6.** Mody **7.** Nanontany **8.** Analo (Olana) **9.** Aretina **10.** Lio - Nanao

Mitsangana

A- Fantsona **B.** Ina - Anay **D.** Taolagnaro **E.** Artik(Kitra) - Elo (Miv) **F.** Ray - Ainot (Tonia) **G.** An (Na) - In **H.** Ta(ny) - Maina **I.** Ison (Nosy) - An (Na) **J.** Alahady **K.** Am - Sy - Afo

"HANAMORA ny fitadiavan' ASA hoan'ny TANORA

Fanorenana ivon-toerana fampiofanana arak'asa.

FIDIO



HO BEN'NY TANÀNA AN'ANTANANARIVO